

**Projet Un logement
digne pour tous !**

enda Madagascar



RÉFÉRENTIEL DE BONNES PRATIQUES

**INTERVENTIONS DANS LES QUARTIERS
PRÉCAIRES D'ANTANANARIVO**

Première vague de recensement



Etre humain !



enda Madagascar

Cadre de réalisation de l'ouvrage

Le présent référentiel est élaboré par enda Madagascar en partenariat avec l'APUM et CRAterre dans le cadre du projet «Un logement digne pour tous!» (LDT) cofinancé par la Fondation Abbé Pierre et l'Agence Française de Développement entre le 1er janvier 2017 et le 31 décembre 2019. Le projet LDT a pour objectif d'améliorer les conditions de vie et de promouvoir la mobilisation citoyenne dans les quartiers de la ville basse d'Antananarivo.

Ny sehatra hanatanterahana ny asa

Ity boky ity dia novolavolain'ny enda Madagascar niaraka tamin'ny APUM sy ny CRAterre ao anatin'ilay tetikasa antsoina hoe «Un logement digne pour tous!» (LDT) (Toeram-ponenana iray mendrika ho an'ny rehetra), izay iarahan'ny « Fondation Abbé Pierre » sy ny « Agence Française de Développement » vatsiana vola nanomboka tamin'ny 01 Janoary 2017 hatramin'ny 31 Desambra 2019. Tanjon'ny tetikasa LDT ny hanatsara ny toe-piainana sy hampiroborobo ny fanetsiketsehana ny olom-pirenena mitoetra eny anivon'ny faritra iva manerana an'Antananarivo.

Le présent projet est co-financé par l'Agence Française de Développement et la Fondation Abbé Pierre. Néanmoins, les idées et les opinions présentées dans ce document ne représentent pas nécessairement celles de l'AFD.

Ny « Agence Française de Développement » sy ny « Fondation Abbé Pierre » no miaramamatsy vola ity tetikasa ity. Na izany aza anefa dia tsy voatery ho hevitra avy amin'ny AFD irery ihany ny hevitra aseho ato anatin'ity tahirin-kevitra ity.

Crédits photos

Fonds enda Madagascar et partenaires ayant contribué à l'élaboration de l'ouvrage.



**Référentiel de bonnes
pratiques** d'intervention
dans les quartiers précaires

***Fomba amam-panao tsara
alain-tahaka*** ho fiahiana ireo
toeram-ponenana tsizarizary



Remerciements

enda Madagascar remercie l'ensemble des partenaires ayant contribué à la réalisation de cet ouvrage : ATD Quart Monde, le Conseil de Développement d'Andohatapenaka (CDA), CRAterre, Fana Green, la Fondation Telma, le GRET, Koloaina, Loowatt, Mi'hari'soa, Positive Planet, l'UGP PRODUIR, l'UNICEF et WSUP. Sont également remerciées la Fondation Abbé Pierre et l'Agence Française de Développement, co-financeurs du projet « Un logement digne pour tous ! », qui ont permis la réalisation de cet ouvrage.

Sont enfin remerciés les rédacteurs de ce présent ouvrage : Sandrina A. RANDRIAMANANJARA, Aurélie BAZIERE et Nadhia RAVELOJAONA sous la direction de Yasmine OUADI et de Bakonirina RAKOTOMAMONJY.

Enfin, nous remercions les personnes suivantes pour leurs contributions diverses : Frédérique MOZER, Bregje NOUWENS.

Partenaires





Teny Fisaorana

Partenaires



enda Madagascar dia maneho fisaorana an'ireo mpiara-miasa rehetra nandray anjara tamin'ny fahatontosan'ity asa-soratra ity : ATD Quart Monde, le Conseil de Développement d'Andohatapenaka (CDA), CRATerre, Fana Green, la Fondation Telma, le GRET, Koloaina, Loowatt, Mi'hari'soa, Positive Planet, l'UGP PRODUIR, l'UNICEF et WSUP. Maneho fisaorana ho an'ny « Fondation Abbé Pierre » sy ny « Agence Française de Développement » ihany koa, izay niara-namatsy vola ny tetikasa « Un logement digne pour tous, » ka nahatontosana ity asa-soratra ity.

Isaorana ety am-pamaranana ihany koa ireo mpanoratra ity asa-soratra ity: Sandrina A. RANDRIAMANANJARA, A. Aurélie BAZIERE ary Nadhia RAVELOJAONA, teo ambany fitantan'ny Yasmine OUADI sy Bakonirina RAKOTOMAMONJY.

Farany, isaorana ireto olona manaraka ireto noho ny fandraisany anjara tamin'ny sehatra isan-karazany: Frédérique MOZER, Bregje NOUWENS.



Sommaire

Sigles, abréviations & acronymes	8
Préface.....	10
1 Introduction.....	13
2 Fiches projets	23
ARCHITECTURE ET AMENAGEMENT	24
1. Technique du Rotso-Peta et Lalotra (CRAterre).....	26
2. Travaux d'amélioration du logement (enda Madagascar).....	30
3. Modèle architectural (enda Madagascar)	34
4. Formation entretien et habitabilité (enda Madagascar).....	38
5. Promotion du fokontany d'Antohomadinika III G Hangar pour un cadre de vie décent et un renforcement de la citoyenneté (ATD Quart Monde Madagascar).....	42
6. Principe des quick-wins (Unité de Gestion de Projet).....	46
SANTÉ ET ALIMENTATION	50
1. Micro-projet d'agriculture urbaine (groupement FANA GREEN).....	52
2. Centre d'apprentissage cuisine collective (Association Koloaina).....	56
ASSAINISSEMENT ET GESTION DES EAUX USÉES	60
1. Projet de toilettes sèches (Loowatt Sarl).....	62
2. Projet Alisota : assainissement liquide et solide concerté et durable (ONG GRET et Gevalor)	66
3. FAMAFa : Projet d'assainissement innovant dans le milieu urbain (Water and Sanitation for Urban Poor) (WSUP).....	70
GESTION ET VALORISATION DES DÉCHETS.....	74
1. Projet Sécurité Humaine – centres de valorisation des déchets : production de brique énergétique et mobiliers urbains (UNICEF – UN-HABITAT).....	76
2. Recyclage des déchets plastiques en pavés autobloquant (association M'ihari-soa)	80
3. Tanana Maitso (Fondation Telma).....	84
4. Quartiers précaires « Fakotana » (Positive Planete International)	88
CITOYENNETÉ ET ÉDUCATION	92
1. Université populaire Quart Monde – La construction du savoir émancipatoire (ATD Quart Monde Madagascar)	94
2. Passerelle piétonne en béton (Conseil de Développement d'Andohatapenaka) (CDA) ..	98
3. Projet jeunesse et citoyenneté (enda Madagascar).....	102
3 Acteurs	107
4 Conclusion.....	117



Fizahan-takila

Teny Mialoha.....	11
1 Fampidirana.....	13
2 Ny momba ny tetikasa	23
MARITRANO SY FANAJARIANA	25
1. Ny Teknika ny Rotso-Peta sy ny Lalotra (CRAterre).....	28
2. Asa fanatsarana ny trano fonenana (enda Madagascar).....	32
3. Endriky ny maritrano (enda Madagascar).....	36
4. Fanofanana mifandraika amin'ny fikolokoloana ny trano sy fanaovana izay mahatonga azy ho mendrika onenana (enda Madagascar).....	40
5. Fampivoarana ny fokontanin'Antohomadinika III G Hangar mba hananany fiainana mirindra, ary fanamafisana orina ny maha-olom-pirenena azy ireo (ATD Quart Monde Madagascar).....	44
6. Ny fomba fiasa «quick-wins» (Unité de Gestion de Projet)	48
FAHASALAMANA SY SAKAFO	51
1. Tetikasa madinika fambolena an-drenivohitra (groupement FANA GREEN).....	54
2. Ivon-toerana iarahana mianatra mahandro (Fikambanana Koloaina).....	58
FAHADIOVANA SY FITANTANANA NY RANO MALOTO	61
1. Tetikasa trano fivoahana maina (Loowatt Sarl).....	64
2. Tetikasa alisota : fahadiovana iombonana sy maharitra handraisana an-tanana ny maloto (ranony sy ventiny) (ONG GRET et Gevalor).....	68
3. FAMAFA: tetikasa vaovao ho an'ny fahadiovana eny an-drenivohitra (Water and Sanitation for Urban Poor) (WSUP).....	72
FITANTANANA SY FANOMEZAN-DANJA NY FAKO.....	75
1. Tetikasa fiarovana ny olombelona – ivon-toerana fanomezan-danja ny fako: famokarana biriky kely mafy sy ny fivezivezena an-drenivohitra (UNICEF – UN-HABITAT).....	78
2. Fanodinana ny fako plastika ho lasa «pavés autobloquant» (Association M'ihari-soa) ..	82
3. Tanana Maitso (Fondation Telma).....	86
4. Faritra tsizarizary «fakotana » (Positive Planete International)	90
NY MAHA-OLOM-PIRENENA SY NY FANABEAZANA	93
1. Université populaire quart monde – fanorenana fahalalana mitondra ho amin'ny fahalalahana (ATD Quart Monde Madagascar).....	96
2. Lalana vita amin'ny simenitra ho an'ny mpandeha an-tongotra (Conseil de Développement d'Andohatapenaka) (CDA).....	100
3. Tetikasa jeunesse et citoyenneté (enda Madagascar)	104
3 Mpisehatra	107
4 Famaranana	117



Sigles, abréviations & acronymes

AFD	Agence Française de Développement
APUM	Association des Professionnels de l'Urbain de Madagascar
Ar	Ariary
Arr.	Arrondissement
CCFD	Comité Catholique contre la Faim et pour le Développement
CDA	Comité de Développement d'Andohatapenaka
CFAE	Centre de Formation des animateurs Éducateurs
CNRI	Centre National de Recherches Industrielles
CUA	Commune Urbaine d'Antananarivo
ECFORM	Études Conseils Formation Entrepreneuriat
EPP	École Primaire Publique
FAP	Fondation Abbé Pierre
FFF M/sy Mahomby	Fifampiofanana Fanabeazana Fikolokoloana ho Malagasy Mahomby
FIJERVOI	Forum International des jeunes et emploi vert de l'Océan Indien
LDT	un Logement Digne pour Tous !
MEEH	Ministère de l'Énergie, de l'Eau et des Hydrocarbures
MPPSPF	Ministère de la Population, de la Protection Sociale et de la Promotion de la Femme
ONUDI	Organisation des Nations Unies pour le Développement Industriel
OTIV	Institution financière mutualiste
PBZT	Parc Botanique et Zoologique de Tsimbazaza

Pers.	Personne
PRODUIR	Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience du Grand Antananarivo
RF2 ou “Rafitra fikojàna ny rano sy fahadiovana”	Système intermédiaire de collecte d’ordures ménagères
SAMVA	Service Autonome de Maintenance de la Ville d’Antananarivo
UGP	Unité de Gestion de Projet
UN-Habitat (eng) ou ONU-Habitat (fr)	Programme des Nations Unies pour les Établissements Humains
UNICEF	United Nations International Children's Emergency Fund (ou Fonds des Nations Unies pour l'Enfance)
WSUP	Water & Sanitation for the Urban Poor

Préface



Selon UN-Habitat, 3 milliards d'individus dans le monde vivent aujourd'hui dans les quartiers précaires, soit environ 40% de la population totale. Si les quartiers précaires dans le monde sont multiformes, ils sont souvent caractérisés par la précarité du cadre bâti et une insuffisance des services urbains et sanitaires de base. Les quartiers précaires d'Antananarivo sont généralement situés dans la plaine, sur d'anciennes zones rizicoles n'ayant pas fait l'objet d'une planification ou d'aménagements urbains spécifiques. Ces quartiers sont densément peuplés et, selon UN-Habitat¹, six maisons sur dix sont construites en matériaux légers. Les problèmes d'assainissement y sont prégnants, les infrastructures sanitaires sont défailtantes voire inexistantes. Ces conditions de vie difficiles touchent

une population le plus souvent confrontée à la précarité de l'emploi avec des revenus irréguliers et relativement faibles. Dans ce contexte, le projet "Un logement digne pour tous !" (LDT) se fixe pour objectif d'améliorer les conditions de logement de 1200 familles en les accompagnant dans des opérations d'amélioration/reconstruction de leur logement en ciblant 10 fokontany de la ville basse de la CUA. Le projet LDT a pour but d'échanger avec les acteurs de l'habitat et de l'urbain pour que les questions relatives au mal-logement² soient davantage prises en compte et mieux coordonnées. Le projet défend la notion de droit à la ville entendue comme le droit de tous les citoyens à vivre en ville dans des conditions décentes et dans une logique d'inclusion sans discrimination d'ordre économique, sociale ou de genre.

A travers ce référentiel de bonnes pratiques d'intervention en quartiers précaires enda a souhaité partager des actions, démarches ou projets menés à Madagascar en faveur de l'amélioration des conditions de vie des habitants afin de démontrer qu'il est possible de réduire la vulnérabilité en milieu urbain pour et avec les habitants. Ces 18 initiatives recensées en quelques mois démontrent une réelle dynamique dans l'amélioration des conditions de vie en quartiers précaires à Madagascar. La poursuite de ce travail d'inventaire et de mise en réseau est essentielle pour un plus grand impact de nos actions.

¹ Profil urbain d'Antananarivo, UN-Habitat, 2012

² Le mal logement est un phénomène qui se caractérise par des mauvaises conditions d'habiter (dégradation du bâti, manque d'accès aux services urbains de base) et à la précarité du statut d'occupation.

Teny Mialoha


3 lavitrisa ankehitriny no isan'ny olona monina amin'ny toeram-ponenana tsirarizary eto amin'izao tontolo izao, izany hoe 40 isan-jaton'ny tontalin'ny mponina, araka ny nambaran'ny UN-Habitat. Na endrika maro karazana aza no isehoan'ny toeram-ponenana tsizarizary manerana izao tontolo izao, dia manamarika azy ireny matetika ny tsy fahatomombanan'ny trano miorina eo aminy sy ny tsy fahampian'ny sampandraharaha fahita eny an-tanàn-dehibe sy ny fiahiana ara-pahasalamana fototra. Amin'ny ankapobeny, ny faritra tsizarizarin'Antananarivo dia hita eny amin'ny lemaka, eny amin'ireo tanimbary fahiny izay tsy nametrahana drafitra na vinam-panajariana manokana. Maro aok'izany ny mponina

ao amin'ireny toerana ireny, ary trano enina ao anatin'ny trano folo no vita amin'ny fitaovana manify, araka ny nambaran'ny UN-Habitat ¹. Manjaka eny amin'izy ireny ny olana mifandraika amin'ny fantsona fandehanan'ny rano maloto, tsy ara-dalàna ny foto-drafitrasa ara-pahasalamana na tsy misy mihitsy aza. Matetika dia mponina izay tsy manana asa tomombana, miaraka amin'ny fidiram-bola miovaova sady tena kely tokoa, no voakasik'ireny toe-piainana sarotra ireny. Manoloana izany tontolo izany, dia tanjona ao anatin'ny tetikasa “Un logement digne pour tous !” (LDT) ny hanatsara ny toeram-ponenan'ny fianakaviana miisa 1200, amin'ny alalan'ny fanohanana azy ireo eo amin'ny hetsika fanatsarana/fanorenana indray ny toeram-ponenany, ary fokontany miisa 10 eny amin'ireo faritra iva ao anatin'ny CUA no hisitraka izany. Tanjon'ny tetikasa LDT ny hanao fifanakalozana amin'ireo mpisehatra ao anatin'ny toeram-ponenana sy ny tontolo an-drenivohitra, mba handalinana sy handrindrana tsara kokoa ireo foto-dresaka mifandraika amin'ny toeram-ponenana tsizarizary ². Arovan'io tetikasa io ny zo hisitrahana ny mponina ny tanàn-dehibe, izany hoe ny zon'ny mponina rehetra honina an-tanàn-dehibe, ao anatin'ny fepetra mifanaraka amin'ny tokony ho izy sy ny fampidirana azy ireo ara-drariny, tsy misy fanavakavahana ara-toe-karena, ara-piaraha-monina, na noho ny maha-lahy na maha-vavy.

Amin'ny alalan'ity fomba amam-panao tsara alain-tahaka ho fiahiana ireo toeram-ponenana tsizarizary ity no irian'ny enda hizarana hetsika, dingana, na tetikasa tontosaina eto Madagasikara, ho fanatsarana ny toe-piainan'ny mponina sy ho fanaporofoana fa azo atao tsara ny mampihena ny faharefoana ao anatin'ny tontolo an-tanàn-dehibe, ho an'ny mponina sy miaraka amin'ny mponina. Ireo fandraisana an-tànana miisa 18 izay nisaina tao anatin'ny volana vitsivitsy dia maneho ny tena fahavitrihana ao anatin'ny fanatsarana ny toe-piainan'ny faritra tsizarizary eto Madagasikara. Zava-dehibe ny fanohizana io asa fiezahana mamantatra ny zava-misy io sy fampifandraisana azy amin'ny sehatra hafa, mba ahatonga ny hetsika ataontsika hisy akony lehibe kokoa.

1 Profil urbain d'Antananarivo, UN-Habitat, 2012

2 Ny toeram-ponenana tsizarizary dia sehatra ahitana toe-piainana ratsy (fahasimban'ny trano fonenana, tsy fahampian'ny sampan-draharaha fototra fahita eny an-tanàn-dehibe) sy tsy fanjaran'ny taratasy manamarina ny toerana honenana.



1

Introduction

Fampidirana



A. OBJECTIFS

A Madagascar, et plus particulièrement à Antananarivo, la ville doit faire face aux besoins croissants de la population en terme d'infrastructures, de logements et d'accès aux services urbains. Afin de réduire la vulnérabilité urbaine, des solutions alternatives et innovantes sont développées tant dans la démarche de réalisation que par les techniques développées par différents acteurs à Madagascar. En 2019, l'association enda Madagascar a recueilli auprès de 13 entités publiques et privées des techniques, actions, idées et projets menés à Madagascar avec et par les habitants afin de changer les choses. Ce référentiel est réalisé à destination des pouvoirs publics, des acteurs du secteur privé et de la société civile au sens large en vue d'informer et de diffuser des modèles innovants d'actions répliquables.

Ce document est scindé en deux parties, dans sa première partie les "Fiches projets" répertorient l'ensemble des projets, actions ou expériences identifiés et classés selon 5 thématiques :

1



ARCHITECTURE ET AMENAGEMENT

2



SANTÉ ET ALIMENTATION

3



ASSAINISSEMENT ET GESTION DES EAUX USÉES

4



GESTION ET VALORISATION DES DÉCHETS

5



CITOYENNETÉ ET ÉDUCATION

Dans une seconde partie sont regroupées les "Fiches contacts" des entités et responsables des projets présentés.



A. TANJONA

Eto Madagasikara, indrindra ho an'Antananarivo, ny tanàn-dehibe dia tsy maintsy matrika ireo filàna mitombo eo anivon'ny mponina, eo amin'ny lafiny foto-drafitrasa, toeram-ponenana, ary fahafahana misitraka ireo sampandraharaha an-tanàn-dehibe. Mba hampihenana ny faharefoana an-tanàn-dehibe dia misy vahaolana azo raisina sy vaovao, izay sady novolavolaina tao anatin'ny dingana fanatanterahana ny asa no tao anatin'ireo teknika novolavolain'ireo mpisehatra isan-karazany eto Madagasikara ihany koa. Nangonin'ny fikambanana enda Madagascar teo anivon'ny sehatra miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana miisa 13, ny taona 2019, ny teknika, ny hetsika, ny hevitra, ary ny tetikasa notanterahana teto Madagasikara niaraka tamin'ny mponina sy notontosain'ny mponina, mba hanovana ny fandehan-javatra. Ity boky ity dia nosoratana mba ho azon'ny besinimaro ampiasaina, ary ampiasain'ireo mpisehatra ao anatin'ny sehatra tsy miankina sy ireo firahamonim-pirenena iray manontolo, ho fampahafantarana sy fanapariahana ireo modelin'ny hetsika vaovao azo alain-tahaka.

Mizara roa ity boky ity: ao anatin'ny fizarana voalohany no ahitana ireo «Antsipirian'ny tetikasa», ary voarakitra ao anatin'izany ny fitambaran'ireo tetikasa iray manontolo, ny hetsika na ny fanandramana tsikaritra, ary sokajiana ao anatin'ny lohahevitra 5 izy ireo:

- 1



MARITRANO SY FANAJARIANA
- 2



FAHASALAMANA SY SAKAFO
- 3



FAHADIOVANA SY FITANTANANA NY RANO MALOTO
- 4



FITANTANANA SY FANOMEZAN-DANJA NY FAKO
- 5



NY MAHA-OLOM-PIRENENA SY NY FANABEAZANA

Ao anatin'ny fizarana faharoa no ahitana ny «Antsipirany momba ny fomba ahafahana mifandray» amin'ireo sehatra sy tompon'andraikitra ny tetikasa rehetra izay naseho.



B. MÉTHODE ET DÉMARCHE



Qu'entendons-nous par "bonnes pratiques" ?

Dans ce référentiel, les bonnes pratiques s'assimilent à des activités ou projets qui permettent d'améliorer les conditions de vie de la population directement ou indirectement. Elles prennent en compte le contexte d'intervention et les réels besoins dans une perspective d'intervention durable. Elles doivent répondre aux critères d'efficacité, d'économie, d'écologie et/ou d'innovation.

L'identification des acteurs et des actions menées.

Afin de rendre inclusif ce référentiel, un appel public à manifestation d'intérêt a été lancé en début d'année 2018 à l'intention des acteurs ayant développé des pratiques,

actions ou projets, ayant participé à améliorer les conditions de vie des habitants des quartiers précaires de la capitale. Au vu du peu de réponse à cet appel, enda, à travers le projet LDT, a directement pris contact avec des entités rencontrées et ou reconnues pour leurs actions. Les structures ainsi que les thématiques présentées ne sont bien entendu pas exhaustives et ne reflètent pas la pluralité des acteurs et des thématiques d'intervention en quartier précaire. Les projets et expériences présentés donnent néanmoins à voir différentes approches et actions menées avec et pour les habitants.





B. FOMBA FIASA SY DINGANA

Araka ny fahalalantsika, inona moa no atao hoe “fomba amam-panao tsara” ?

Ao anatin'ity boky ity, ny fomba amam-panao tsara dia hita taratra ao anatin'ny hetsika na tetikasa mitondra fanatsarana ho an'ny toe-piainan'ny mponina mivantana na ankolaka. Tafiditra ao anatin'izany ny tontolo hanaovana ny asa sy ny filàna tena misy eo amin'ny mponina, mba hametrahana vina lavitr'ezaka ho fanohanana azy ireo. Ireo fomba amam-panao tsara dia tokony hifanaraka amin'izay takiana ho an'ny fahombiazana, toe-karena, tontolo iainana sy / na fanavaozana.



Ny fiezahana mamantatra ireo mpisehatra, sy ny hetsika notontosaina.

Mba ahatonga ity boky ity hirakitra hevitra maro, dia nisy antso ho amin'ny fanehoana fahalianana nisokatra ho an'ny rehetra, natomboka tamin'ny fiandohan'ny taona 2018, niantefa tamin'ireo mpisehatra namolavola fomba amam-panao, hetsika na tetikasa, ary nandray anjara tamin'ny fanatsarana ny toe-piainan'ny mponina eny anivon'ny faritra tsizarizarin'an-drenivohitra. Koa satria vitsy kely ny valiny voaray taorian'izany antso izany, dia nanapa-kevitra ny enda, tamin'ny alalan'ny tetikasa LDT, hifandray mivantana amin'ireo fikambanana nihaona taminy sy/na fanta-daza noho ny hetsika nataony. Mazava ho azy fa tsy mifarana hatreo akory ny rafitra sy ny lohahevitra novelarina, ary tsy ahitana taratra ny fahamaroan'ny mpisehatra sy ny sehatra manokana nanaovana asa teny anivon'ny faritra tsizarizary. Ny tetikasa sy ny fanandramana anefa dia nahitana fomba fiasa sy hetsika samihafa niaraha-nanao tamin'ny mponina ary natao ho an'ny mponina.



C. GRILLE DE LECTURE DES FICHES PROJET

ASSAINISSEMENT ET GESTION DES EAUX USEES

ASSAINISSEMENT ET GESTION DES EAUX USEES

1. PROJET DE TOILETTES SÈCHES (LOOWATT SARL)

Responsable du projet : Anselme Andriamahavita
Titre : Directeur Général
Partenaires : SAMVA (traitement des déchets) et le Service de l'Assainissement de l'arrondissement de Vakinankaratra
Dates : Décembre 2014 – En cours
Objectif principal : Proposer un service d'assainissement pérenne et adéquat à la population
Population cible : Population d'Antananarivo
Échelle d'intervention : Unité d'habitation
Localisations : 1er et 2ème arrondissement d'Antananarivo
Email : anselme@loowatt.com **Tel :** 033 13 535 12
Site web : www.loowatt.com

Objectifs et actions menées

Ce projet a pour but d'améliorer l'hygiène et de réduire la quantité de déchets dans l'environnement en proposant un service d'assainissement alternatif aux familles. Pour cela, des toilettes sèches sont installées à Antananarivo. Les étapes sont les suivantes :

- Sélection des quartiers** pouvant bénéficier du dispositif de toilettes sèches dans les différents arrondissements de la CUA. Les principaux centres sont ceux appartenant à la SAMVA et à Loowatt (à Andriasofo).
- Identification des familles** qui sont intéressées par l'installation d'un dispositif de toilettes sèches à leur domicile. L'identification se fait grâce au porte-à-porte.
- Fabrication des toilettes.** Pour l'instant une partie de la fabrication est encore faite à Londres. Un des objectifs de Loowatt est de réduire les coûts de production et de créer de l'emploi en fabriquant 100% des toilettes à Madagascar.
- Installation des toilettes** chez les familles. La famille investie à hauteur de 50 000 Ar. Les toilettes sont parfois partagées entre plusieurs ménages selon les besoins.
- Collecte des déchets** 1 fois par semaine sur un chariot pouvant transporter 3 bidons. Ils sont emmenés directement au centre de traitement (sans intermédiaire). Pour les services liés au fonctionnement et à l'entretien la famille paye 15 000 Ar par mois.
- Traitement et valorisation des déchets.** Les déchets collectés sont par la suite transformés en biogaz qui sera utilisé pour électrifier le site de traitement.

Bonnes pratiques

- Le suivi de la chaîne de valeur de l'assainissement, de la récolte des déchets, au traitement et jusqu'à la valorisation.
- En place d'une solution alternative aux problèmes d'assainissement en ville.
- Appariement régulier des familles (collecte, service après-vente) afin de contrôler l'utilisation correcte des toilettes et d'assurer la pérennité du service.
- La technologie utilisée pour optimiser le service.

Évaluation

	EFFICACE	ÉCONOMIQUE	ÉCOLOGIQUE	DURABLE	SOCIAL	REPRODUCTIBLE
MOYENS HUMAINS	●	●	●	●	●	●
MOYENS FINANCIERS	●	●	●	●	●	●
MOYENS MATÉRIELS	●	●	●	●	●	●

Kit de démarrage

MOYENS HUMAINS
MOYENS FINANCIERS
MOYENS MATÉRIELS

Bénéfices et freins

À court terme : Amélioration de l'hygiène et de la santé / Amélioration du confort des bénéficiaires.

À long terme : Amélioration la propreté de l'eau de la ville de manière générale / Création d'emploi.

Freins : Logistique difficile pour la collecte des déchets et le transport au traitement / Service qui peut être trop cher pour certains clients / Pas de disponibilité pour l'installation d'un nouveau site de traitement.

Conditions de réussite

- L'implication des pouvoirs publics qui permettrait d'augmenter le nombre de sites de traitement à Antananarivo.
- La sensibilisation des habitants sur l'importance d'un service permettant d'améliorer l'environnement.
- La disponibilité du foncier.

1 Chaque thématique est introduite par une page permettant de mieux comprendre le contexte et de se saisir rapidement des enjeux.

2 Le titre du projet et l'entité porteur de projet. Les thématiques se distinguent par une couleur et un pictogramme.

3 Cette fiche d'identité donne les informations essentielles sur le projet et présente une carte de localisation des zones d'intervention. Elle permet également d'identifier l'état d'avancement du projet :

O : Projet réalisé **X :** Projet en cours de réalisation ou à réaliser.

4 Les objectifs à atteindre et les actions à réaliser pour y parvenir.

5 Quelques illustrations du projet.

6 Les bonnes pratiques identifiées.

7 L'évaluation du projet se fait sur les critères suivants:

- **Efficace** : le projet est considéré comme efficace si les objectifs fixés ont été atteints. Dans le cadre d'un projet non réalisé ou en cours de réalisation, l'évaluation se base sur les objectifs à atteindre.

- **Économique** : Le projet est considéré comme économique lorsqu'il est mis en œuvre avec peu de moyens, s'il est accessible financièrement par les bénéficiaires mais également si le projet permet d'augmenter les revenus des populations et de créer de l'emploi.


- **Durable** : Le projet est considéré comme durable s'il perdure dans le temps en visant l'autonomie des bénéficiaires dans l'entretien, la gestion et l'organisation. Ceci en réduisant l'accompagnement de l'entité dans le temps.

- **Écologique** : Le projet est considéré comme écologique s'il vise à améliorer la qualité de l'environnement par l'utilisation par exemple de ressources renouvelables, de matériaux locaux ou recyclés.

- **Social** : Le projet est considéré comme social s'il permet de créer de la cohésion sociale par le biais de l'implication et la participation citoyenne.

- **Reproductible** : Le projet est considéré comme reproductible s'il nécessite des moyens financiers, des savoir-faire, des moyens matériels et des moyens humains accessibles.

L'évaluation se lit de la façon suivante :



8 Le kit de démarrage permet d'avoir un aperçu des ressources humaines, financières et matérielles mises en œuvre par les acteurs et nécessaires à la réalisation du projet. Ces informations ont été définies selon les critères suivants :

- Moyens humains :

Peu =
1 à 5 pers.

Moyen =
5 à 10 pers.

Beaucoup =
+ de 10 pers.

- Moyens financiers :

Peu = 100
à 500 000 ar

Moyen =
500 000 à 1M ar

Beaucoup =
+ de 1M ar

- Moyens matériels :

Peu =
1 à 3 ressources

Moyen =
3 à 6 ressources

Beaucoup =
+ 6 ressources

9 Les apports et les freins dans l'action menée à court terme et à long terme.

10 Les conditions de réussite sont les éléments à valider pour assurer la réussite du projet, elles sont issues des retours d'expérience de chaque acteur et permettent d'éviter les erreurs commises par le passé.




D. NY SOKAJY ISAN-KARAZANY HITA AO ANATIN'NY ANTISIPIRIANY MOMBA NY TETIKASA

ASSAINISSEMENT ET GESTION DES EAUX USEES

1. PROJET DE TOILETTES SECHES (LOOWATT SARL)

Responsable du projet : Anselme Andriamahavita
Titre : Directeur Général
Partenaires : SAMVA (traitement des déchets fofokantany de chaque arrondissement)
Dates : Décembre 2014 - En cours
Objectif principal : Proposer un service d'assainissement pérenne et adapté à la population
Population cible : Population d'Antananarivo
Échelle d'intervention : Unité d'habitation
Localisations : Ier et Vème arrondissement d'Antananarivo
Email : anselme@loowatt.com
Site web : www.loowatt.com **Tel :** 033 13 535 12



Objectifs et actions menées

Ce projet vise à améliorer l'hygiène et de réduire la quantité de déchets dans l'environnement en proposant un service d'assainissement alternatif aux familles. Pour cela, des toilettes sèches sont installées à Antananarivo. Les étapes sont les suivantes :

- Sélection des quartiers** pouvant bénéficier du dispositif de toilettes sèches dans les différents arrondissements de la CUA. Les principaux centres sont ceux appartenant à la SAMVA et à Loowatt (à Andraisoro).
- Identification des familles** qui sont intéressées par l'installation d'un dispositif de toilettes sèches à leur domicile. L'identification se fait grâce au porte-à-porte.
- Fabrication des toilettes.** Pour l'instant une partie de la fabrication est encore faite à Londres. Un des objectifs de Loowatt est de réduire les coûts de production et de créer de l'emploi en fabriquant 100% des toilettes à Madagascar.
- Installation des toilettes** chez les familles. La famille investie à hauteur de 50 000 Ar. Les toilettes sont parfois partagées entre plusieurs ménages selon les besoins.
- Collecte des déchets** 1 fois par semaine sur un chariot pouvant transporter 3 bidons. Ils sont emmenés directement au centre de traitement (sans intermédiaire). Pour les services liés au fonctionnement et à l'entretien la famille paye 15 000 Ar par mois.
- Traitement et valorisation des déchets.** Les déchets collectés sont par la suite transformés en biogaz qui sera utilisé pour électrifier le site de traitement.

2

5

6

7

8

9

10

2

5

6

7

8

9

10

4

5

6

7

8

9

10

2

5

6

7

8

9

10

1. Samy manana takila iray fampidirana, ny lohahevitra tsirairay avy, mba hahatakarana be kokoa ny tontolo hiasana sy hamantarana haingana ny olana misy.
2. Ny anarana fiantsoana ilay tetikasa sy ny fikambanana mitantana azy. Loko sy sary kely no hanavahana ireo lohahevitra.
3. Io «Ny momba ny tetikasa» io no ahitana ny antsihiriany manan-danja momba ny tetikasa, sady ahitana ny toerana misy ireo faritra hiasana. Hita ao anatin'io taratasy io ihany koa ny fandrosoan'ny tetikasa:

O : Tetikasa efa vita **X :** Tetikasa an-dalam-pahatontosana na ho
4. Ireo tanjona ho tratrarana sy ny hetsika atao mba tontosaina.
5. Fanazavana vitsivitsy mahakasika ny tetikasa hanatrarana azy.
6. Ireo fomba amam-panao tsara izay tsikaritra.



7 Ireto sehatra manaraka ireto no dinihina rehefa manao tombanezaky ny tetikasa:

- **Mahomby** : mahomby ilay tetikasa raha toa tratra ireo tanjona napetraka. Raha toa misy tetikasa mbola tsy natao na eo an-dalam-pahatontosana, dia ny tanjona ho tratarina no iorenan'ny tombanezaka atao.

- **Tsy mandany volabe** : Heverina fa tsy mandany volabe ilay tetikasa raha toa ka vola kely fotsiny ihany no nanatanterahana azy, raha toa ka afaka misitraka ny lafiny ara-bola ao anatin'ireo mpisitraka, ary raha toa ka vitan'ilay tetikasa ny mampitombo ny vola miditra amin'ny mponina sy ny mamorona asa.

- **Maharitra** : Heverina ho maharitra ilay tetikasa raha toa ka mitohy hatrany ary mikendry ny fahaleovantenan'ireo mpisitraka ao anatin'ny fikajiana, fitantanana, ary ny fandrindrana. Tafiditra ao anatin'izany ny fampihenana miandalana ny fanohanana avy amin'ny fikambanana.

- **Ekôlôjika** : Heverina ho ekôlôjika ilay tetikasa raha toa mikendry hanatsara

ny kalitaon'ny tontolo iainana, amin'ny alalan'ny fampiasana akora azo havaozina ohatra, fitaovana eo an-toerana na voahodina.

- **Ara-piarahamonina** : Heverina ho ara-piarahamonina ilay tetikasa raha toa ahafahana manorina firaisankina ara-piarahamonina amin'ny alalan'ny fampandraisana anjara sy ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena.

- **Azo averina indray** : Heverina ho azo averina indray ilay tetikasa raha toa ka tsy sarotra ny ahazoana ireto manaraka ireto ho fanatontosana azy: lafiny ara-bola, fahaiza-manao, fitaovana sy olona hiasa.

Toa izao manaraka izao no hamakiana ilay tombanezaka:

			Tsy dia tena
			Eo ho eo
			Antonony
			Amin'ny fahafenoany

8 Ireo fitaovana entina manomboka no ahafahana mamantatra mialoha ny olona, ny vola, ary ny fitaovana atolotry ny mpisehatra sady ilay ho an'ny fanatanterahana ilay tetikasa. Nofaritana araka ireto sokajy manaraka ireto izany mombamomba ny tetikasa izany:

- **Olona:**

	Vitsy = olona 1 - 5
	Antonony = olona 5 - 10
	Maro = olona maherin'ny 10

- **Volà:**

	Kely = 100 - 500.000 ar
	Antonony = 500 000 - 1M ar
	Betsaka = maherin'ny 1M ar

- **Fitaovana:**

	Vitsy = fitaovana 1 - 3
	Antonony = fitaovana 3 - 6
	Maro = fitaovana maherin'ny 6

9 Ireo tombontsoa sy sakana ho an'ny hetsika tontosaina ao anatin'ny fohy ezaka sy lavitr'ezaka.

10 Ireo fepetra takiana, izay mitondra ho amin'ny fahombiazana, no singa tokony hamafisina mba ahazoana antoka fa mahomby ny tetikasa, nalaina avy tamin'ny fanandramana nolalovan'ny mpisehatra tsirairay avy izy ireny ary manampy amin'ny fisorohana ny hadisoana natao tamin'ny lasa.

A photograph of four children in a rural setting. In the foreground, a young girl with a wide smile wears a blue shirt and a colorful beaded necklace, holding a green leafy branch. Behind her, another girl smiles, and two other children are partially visible. The background features a rustic wooden fence, a brick wall, and laundry hanging on a line.

2

Fiches projets

Ny momba ny tetikasa



ARCHITECTURE ET AMENAGEMENT

Antananarivo doit faire face à des défis démographiques et spatiaux importants. L'urbanisation de la capitale pose la question de la planification et de l'aménagement urbain, notamment dans les quartiers précaires où les conditions d'habiter et de circuler sont particulièrement difficiles.

Les habitations sont souvent en sur-occupation et construites dans des matériaux légers comme le bois ou la tôle. L'absence de planification et d'aménagements spécifiques dans ces quartiers accentue les risques d'inondation et d'incendie. La circulation se fait généralement sur des passerelles en bois construites par les habitants eux-mêmes ou à travers des chemins de terre étroits, difficilement praticables en saison des pluies. La thématique de l'architecture et de l'aménagement traite des actions menées par ATD Quart Monde, le projet PRODUIR (Banque Mondiale), CRAterre et enda Madagascar (LDT) à l'échelle du quartier et de l'unité d'habitation et visant à améliorer les conditions d'habiter, de mobilité et d'accès aux infrastructures.





MARITRANO SY FANAJARIANA

Voatery miatrika fihaikana lehibe mifandraika amin'ny mponina sy ny toerana misy azy, Antananarivo. Ny fandaminana ny firafitry ny tanàna ao anatin'ny tontolo an-drenivohitra dia mampametraka fanontaniana mifandraika amin'ny fametrahana drafitra sy fanajariana ho an'ny tontolo an-drenivohitra, indrindra ho an'ireo faritra tsizarizary, izay manana fahasaratana tokoa amin'ny lafiny ara-ponenana sy fivezivezena.

Olona maro loatra matetika no monina ao anatin'ny trano fonenana iray, mihoatra noho ny tokony ho zakan'ny haben'ilay trano, ary vita amin'ny alalan'ny fitaovana maivana toy ny hazo na fanitso izany trano izany. Ny tsy fisian'ny drafitra sy fanajariana manokana ao anatin'ireny faritra ireny no manamafy ny voina mety hihatra aminy, toy ny tondradrano na fahamaizana. Làlan-kely vitan'ny fokonolona eo an-toerana amin'ny hazo no hifamezivezena, na lalan-tany tena tery, ary sarotra andehanana mandritra ny fotoanan'ny orana. Ny lohahevitra mifandraika amin'ny maritrano sy ny fanajariana dia mandray antanana ny hetsika tarihin'ny ATD quart Monde, ny tetikasa PRODUIR (Banque Mondiale), CRAterre sy enda Madagascar (LDT), eo anivon'ny faritra sy ny toeram-ponenana, ary mikendry ny hanatsara ireo fepetra mandrafitra ny toeram-ponenana, ny fivezivezena, ary ny fahafahana misitraka ireo foto-drafitrasa.





1. TECHNIQUE DU ROTSO-PETA ET LALOTRA (CRATERRE)

Responsable du projet : Miguel Ferreira Mendes

Titre : Architecte/expert à CRATERre

Partenaires : enda, Conseil de Développement d'Andohatapenaka (CDA)


Dates : Mai à Juin 2018

Objectif principal : Introduire et développer l'utilisation des solutions en torchis et terre crue dans l'amélioration de l'habitat.

Population cible : Techniciens du bâtiment

Échelle d'intervention : Unité d'habitation

Localisation : Internationale



Objectifs et actions menées

La technique du Rotso-Peta est une technique de remplissage d'une structure en bois avec un mélange de terre et de paille. Pour développer l'utilisation de cette technique, les objectifs sont les suivants :

1. Sensibiliser et former les professionnels et les techniciens à l'utilisation du torchis (Rotso-Peta). Pour ce faire, deux ateliers de découverte du matériau terre et de la technique du Rotso-Peta et Lalotra (enduits) permettent à la fois de tester les mélanges terre/paille/enduits et de réaliser un premier test

d'application sur de l'existant (muret test, mur intérieur etc.). Un atelier de travail en salle permet de discuter avec les techniciens des bienfaits de l'architecture de terre et de réaliser une estimation des coûts nécessaires à l'application de cette technique.

2. Viabiliser certaines techniques constructives et notamment les constructions en bois sur pilotis, utilisées sur les terrains marécageux. En effet, le recours au torchis plutôt qu'au bois pourrait réduire d'environ 20% les coûts de construction.



Bonnes pratiques

- L'utilisation et la promotion d'un matériau local et économique qui ne nécessite pas de moyens importants pour son utilisation.
- La promotion d'une culture constructive locale.
- La facilité d'utilisation du matériau qui permet d'envisager de faire évoluer le logement.

Evaluation

EFFICACE			
ECONOMIQUE			
ECOLOGIQUE			
DURABLE			
SOCIAL			
REPRODUCTIBLE			

Apports et freins



A court terme : Amélioration du confort, de la santé et de la sécurité dans l'habitat par l'utilisation de matériaux plus sains (qualité de l'air, thermique, hygrométrie, résistance au feu) / Renforcement des compétences des tâcherons et des ouvriers. **A long terme :** Construction durable si bien conçue, réalisée et entretenue / Maîtrise de l'impact de l'étalement urbain par la réalisation de surélévations / Plus-value socio-économique sur la main d'oeuvre / Appropriation possible de la technique par la population.



Promotion difficile de la technique due à la mauvaise image qu'elle véhicule / Nécessite une main d'oeuvre plus importante et maîtrisant la technique.

Kit de démarrage

MOYENS HUMAINS	
MOYENS FINANCIERS	
MOYENS MATÉRIELS	

Conditions de réussite

- Sensibilisation des bénéficiaires à l'utilisation et l'entretien.
- Main d'oeuvre formée et compétente (bonne compréhension du matériau et de sa mise en œuvre).
- Respecter les préconisations pour la mise en œuvre de la technique.



1. NY TEKNIKAN'NY ROTSO-PETA SY NY LALOTRA (CRATERRE)

Tompon'andraikitra ny tetikasa: Miguel Ferreira Mendes

Asany: Mpanao maritrano/manam-pahaizana manokana ao amin'ny CRAterre

Mpiara-miasa: enda, Conseil de Développement d'Andohatopenaka (CDA)


Daty: Mey hatramin'ny Jona 2018

Tanjona fototra: Mampiditra sy mampivoatra ny fampiasana vahaolana amin'ny fampiasana rotso-peta sy lalotra ho fanatsarana ny trano fonenana.

Olonahiantefan'ny asa: Teknisiana mpanorina trano

Sehatra hanatanterahana ny asa: Trano fonenana

Toerana misy azy: Maneran-tany (International)



Tanjona sy hetsika notontosaina

Ny teknikan'ny Rotso-Peta dia teknika fanentsemana ny banga amin'ny rafitra hazo, amin'ny alalan'ny tany nafangaro tamin'ny mololo. Ireto avy ny tanjona hampivelarana ny fampiasana io teknika io:

1. Manentana sy manofana ireo matianina sy teknisiana mahakasika ny fampiasana. Rotso- Peta. Ho fanatanterahana izany dia atrikasa roa no tontosaina, hampahafantarana ny tany, izay akora ampiasaina, sy ny teknika fanaovana rotso-peta sy Lalotra, sady ahafahana mitsapa ny tany/mololo/lalotra, no hanaovana ny andrana voalohany eo amin'ny

rafitra efa miorina (rindrina fanaovana fanandramana, rindrina anatin'ny, sns.) Atrikasa iray ao anaty efitrano no ahafahana miresaka amin'ireo teknisiana momba ny lafitsaran'ny rafitra vita amin'ny tany, sy hikajiana ny vola mety ilaina amin'ny fampiharana io teknika io.

2. Manatanteraka teknika sasantsany ho an'ny fanorenana, indrindra ho an'ny trano miorina ambony tongotra hazo, ampiasaina eny amin'ny tany misy onaona. Raha ny tena marina dia mihena 20% ny vola lany amin'ny fanorenana, rehefa mampiasa rotso-peta fa tsy hazo.



Fomba amam-panao tsara

- Fampiasana sy fampiroboroana ny akora misy eo an-toerana sady tsy mandany vola, izay tsy ilàna fitaovana lehibe entina manatontosa azy.
- Fampiroboroana ny kolontsaina tia manorina eo an-toerana.
- Fanamorana ny fampiasana akora ahafahana mitondra fanavaozana ho an'ny trano fonenana.

Tombanezaka

MAHOMBY	●	●	●
TSY MANDANY VOLABE	●	●	●
EKÔLÔJIKA	●	●	●
MAHARITRA	●	●	●
ARA-PIARAHAMONINA	●	●	●
AZO AVERINA	●	●	●

Ireo tombontsoa sy sakana

+ Fohy ezaka: Fanatsarana ny anatin'ny fahasalamana, ary fiarovana ny trano fonenana, amin'ny alalan'ny fampiasana akora mahasalama kokoa (ny kalitaon'ny rivotra, ny hafanana, ny hamandoana, tsy mora mirehitra) / Fanamafisana orina ny fahaiza-manaon'ireo mpanao trano. **Lavitr'ezaka:** Fanorenana maharitra raha toa tsara rafitra, tsara voatra, ary voakojakoa / Fahaizana mifehy ny vokatry ny trano mifaneritry an-drenivohitra, amin'ny alalan'ny fampakarana ny haavon'ny trano / Fampakarana ny lanjan'ny mpanorina trano, ara-piarahamonina sy ara-toekarana / Ho vita'ny mponina ny hianatra ilay teknika.

- Sarotra ampitaina ilay teknika, vokatry ny endrika ratsy izay voiziny / Lehibe kokoa ny filàna mpiasa mahafehy tsara ilay teknika.

Fitaovana fanombohana

OLONA	
VOLA	
FITAOVANA	

Fepetra hahombiazana

- Manentana ireo mpisitraka ho amin'ny fampiasana sy ny fikojakojana.
- Mpiasa nofanina sady manana traikefa (mahafantatra tsara ny akora sy ny fampiasana azy).
- Manaja ireo zavatra takiana ho amin'ny fampiharana ilay teknika.



2. TRAVAUX D'AMÉLIORATION DU LOGEMENT (enda Madagascar)

Responsable du projet : Haingo MAHARONIAINA

Titre : Coordinatrice du projet « LDT »

Partenaires : Fondation Abbé Pierre / Agence Française de Développement / CRAterre / E.E.F.P Condorcet / OTIV / Koloaina / CDA / enda

Dates : Janvier 2017-Décembre 2019


Objectif principal : Accompagner et suivre les familles dans la réalisation de travaux d'améliorations de leur logement

Population cible : 1000 familles vivant dans des conditions précaires

Échelle d'intervention : Unité d'habitation

Localisation : Antohomadinika Centre, IIIG Hangar, FAAMI, Manarintsoa Est, Centre, Ambohibarikely, Ivolaniray, Anosibe Ouest I et II, Mandragombato, (1^{er} et IV^{ème} arr.)

Facebook : habitatlattrines **Email :** LDT@enda.mg



Objectifs et actions menées

Les petites réhabilitations menées dans le cadre du projet « Un logement digne pour tous ! » (LDT) sont réalisées pour des familles vivant dans des quartiers précaires et qui n'ont pas les moyens d'avoir recours à des professionnels pour réaliser des travaux sur leur logement. Les étapes du projet sont les suivantes :

- **Identification des familles intéressées** à travers des événements de sensibilisation dans les quartiers ou par le biais de visites à domicile. Les familles intéressées sont invitées à se rendre dans les bureaux d'enda pour obtenir des informations supplémentaires sur le projet.
- **Analyse au cas par cas** des situations rencontrées sur le plan social, technique et foncier. Une enquête sociale permet de mieux connaître les

personnes intéressées et de déterminer les ressources financières et les charges mensuelles des membres actifs du foyer. L'étude foncière permet de déterminer si la famille est propriétaire ou locataire du terrain. Enfin, l'étude technique permet de déterminer la nature des travaux à réaliser ainsi que leurs coûts.

- **Implication et engagement financier des familles** grâce au recours à l'épargne et, dans certains cas, au micro-crédit en partenariat avec l'OTIV, les familles participent en moyenne à 40% du coût des travaux. Le suivi de l'épargne est assuré par les animateurs sociaux du projet qui rendent régulièrement visite aux familles pour s'assurer que la période d'épargne se déroule correctement.



Bonnes pratiques

- La définition des modalités de paiement (montant et rythme) au cas par cas, selon le profil socio-économique des personnes intéressées.
- La pratique de l'épargne qui induit une prise de responsabilité.
- L'utilisation de matériaux locaux (briques de terres cuites).

Apports et freins

+ **A court terme** : Amélioration du quotidien des familles dans le logement / Appropriation du projet par les habitants grâce à leur implication / Montée en estime des familles vis-à-vis de la société à travers leur logement rénové. **A long terme** : Nouvel intérêt des professionnels pour les constructions existantes / Construction durable et esthétique / Développement d'une culture de l'épargne qui pourra être utile aux familles dans d'autres contextes.

- Désaccords entre le propriétaire et le locataire empêchant la réalisation des travaux / Difficulté pour les familles à se projeter sur le long terme limitant les montants investis au départ / Absence de plan et de perspectives de développement à l'échelle des quartiers.

Evaluation

EFFICACE	●	●	●
ECONOMIQUE	●	●	●
ECOLOGIQUE	●	●	●
DURABLE	●	●	●
SOCIAL	●	●	●
REPRODUCTIBLE	●	●	●

Kit de démarrage

MOYENS HUMAINS	
MOYENS FINANCIERS	
MOYENS MATÉRIELS	

Conditions de réussite

- Construire une approche au cas par cas selon le profil socio-économique des personnes touchées.
- Développer des techniques de construction innovantes et à moindre coût pour permettre au plus grand nombre de réaliser les travaux.
- L'engagement des familles dans la pratique de l'épargne et le suivi des travaux réalisés.



2. ASA FANATSARANA NY TRANO FONENANA (enda Madagascar)

Tompon'andraikitry ny tetikasa: Haingo MAHARONIAINA

Asany: Mpandrindra ny tetikasa « LDT »

Mpiara-miasa: Fondation Abbé Pierre / Agence Française de Développement / CRATERre / E.E.F.P Condorcet / OTIV / Koloaina / CDA / enda

Daty: Janoary 2017 - Desambra 2019


Tanjona fototra: Manohana sy manara-maso ny fianakaviana ao anatin'ny fanatanterahana ireo asa fanatsarana ny toerana fonenany

Olona hiantefan'ny asa: fianakaviana miisa 1.000, monina amin'ny toerana tsizarizary

Sehatra hanatanterahana ny asa: Trano fonenana

Toerana misy azy: Antohomadinika Centre, IIIG Hangar, FAAMI, Manarintsoa Est, Centre, Ambohibarikely, Ivolaniray, Anosibe Ouest I et II, Mandragombato, (Ier et IVème arr.)

Facebook : habitatlaltrines **Email :** LDT@enda.mg



Tanjona sy hetsika notontosaina

Ny asa fanarenana madinidinika tontosaina ao anatin'ilay tetikasa « Un logement digne pour tous ! » (LDT), dia atao ho an'ny fianakaviana mipetraka amin'ny faritra tsizarizary sady tsy manana fahafahana manarama olona matianina hanao ny asa ho an'ny trano fonenany. Ireto manaraka ireto ny dingana lalovana ao anatin'ny tetikasa:

- **Fiezahana mamantatra ireo fianakaviana liana** amin'ny alalan'ny hetsika fampahafantarana eny anivon'ilay toerana, na fitsidihana antokatrano. Asaina mankany amin'ny biraon'ny enda izay fianakaviana liana, mba haka fanazavana fanampiny mahakasika ilay tetikasa.
- **Fandalinana ny tranga tsirairay avy**, atao ho an'ny tranga hita amin'ny lafiny ara-piarahamonina, teknika, ary fananan-tany. Misy fanadihadihana atao eo amin'ny fiarahamonina, hamantarana be be kokoa ny olona liana sady hamaritana ny loharanom-bola sy ny

